

RAJOELISOLO CHARLES


Mpanoratra mpitarika mpanoratra

nosoratan' i

Beby Denise SOLOHERY RANARISON

Folo taona lasa izay, tamin' ny 10 jona 1968, no nindaosin' ny fahafatesana ilay nantsoin' i Dox hoe «Jules Lemaître-n' ny Malagasy» (1). Maro karazana ny asa soratra navelany mba hahamafisana orina ny teny sy handraketana ny tantaram-pirenena ary hampahafantarana ny haren-tsaina amam-panahy nentim-paharazana. Izay hampivoarana ny fiainan' ny mpiara-monina taminy no toa nimasoany tamin' ireny sorany ireny.

Diniho kely : firifiry moa ny ankizy niana-namaky teny tao amin' ny «*Tantelin-jaza*» (2) satria zava-misy iainany isan' andro no tanisaina amin' ny tenin-drazana ? Iza no tsy liana eo am-pamakiana ny «*Tantaran' ny Maritiora Malagasy Farany*» (3) izay maneho ny herim-pon' ny olona sahy niaro ny finoany sy nitia ny tanindrazany ? Fon' iza no tsy babo amin' ireny tononkalo sy sombin-tantara navoakany tan-gazety ireny ? Iza no tsy hanovo fahalalana amin' ireny lahatsoratra famotopotoran-kevitra maro tao amin' ny «*Ranovelona*», na ny «*Sakaizan' ny Tanora*», na ny «*Fandrosoam-Baovao*», na ny «*Androany*», sns... ireny ? Tsy soratra namborahana ny vetsovetsoam-pony samirery ihany akory no nataony fa soratra nanentanana koa ny mpiara-belona hahay hamantatra ny votoatinjavatra eo amin' ny tontolo iainany.



-
- (1) Jereo *FANASINA* faha-558, 27 jona 1968, tak. 2.
 - (2) Niara-niasa Rajoelisololo Charles sy Dr Standing, filohan' ny Sekoly Ambohijatovo Atsimo, tamin' ireny boky famakian-teny ireny.
 - (3) Boky natonta tao Imarivolonitra Antananarivo, jolay 1957.

Efa notantarain-dRadaody Ralarosy Paul ny fiainan' ity mpanoratra ity tamin' ny andro nandevenana azy (4) : ny fianakaviany, ny sekoly nianarany, ny asa samihafa nosahaniny, ny anjara toerany teo amin' ny fanaovan-gazety sy ny soratra. Efa nisy koa filazalazana momba ny asany teo amin' ny haisoratra, tao amin' ny gazety *Fanasina* izay nananany andraikitra koa (5).

Izay hodinihina etoana dia ny anjara toeran' ity lehilahy ity teo amin' ny fitarihana ny tanora hanoratra. Lahatsoratra roa no heverinay fa nanampy ireo toro lâlana am-bava natolony tamin' izay zazavao nanatona azy, dia ireto izany :

— «Tsipi-hevitra ho an' izay te-hanoratra» tao amin' ny *Sakazan' ny Tanora*, mey 1930 — novambra 1931 ;

— «Resadresaka momba ny poezia», tao amin' io gazetimpiangonana niandraiketany io ihany, avrily-aogositra 1932.

Efa 34 taona niainana RAJOELISOLO Charles tamin' ny 1930. Tsy zazavao intsony tamin' ny soratra izy, fa teo ambany fitarihan' ireo mpampianatra tao Ambohijatovo Atsimo, toa an-dry Razafimahafo sy Rasamoela/Ambatomasina ary Dr Standing, filohan' ny sekoly. Nanampy azy be dia be koa ny anadahin-dreniny, Ravoajanahary Alphonse, mpanoratra nahay nanita-pahalalana, indrindra tamin' ny fifantenana izay boky malagasy sy vahiny tokony ho fantatra. Azo lazaina fa tsara fototra ny fanabeazan-tsaina azony teo anivon' ny fianakaviana kristianina avara-pianarana tamin' izany andro izany.

Na toa inona anefa izany famolavolan-tsaina izany dia tsy ampy akory ireny hanentana azy hanoro hevitra ny mpiara-belona taminy. Nahavatra nandinika ny fiampiainan' ny olona manodidina izy. Tsapany ny fiantraikan' ny zava-misy ateraky ny rafi-pitondrampanjakana teo amin' ny toe-tsaina : zary mpanara-davahana na mpihinana amam-bolony ny maro, ary jamban' ny rendrarendra ivelany fa tsy dia maneho firy ny votoatin-javatra eo amin' izay ataony. Tsy niafina taminy ny fahasimban' ny teny sy ny soratra malagasy ary notohanany fatratra ny ezaka nataon-dry Ravelojaona sy Randzavola ary ny namany tamin' ny fikajiana ny tenin-drazana.

Tsy tongatonga ho azy tao an-tsainy akory ireo lahatsoratra ireo fa vokatry ny zava-misy. Koa tsy dia hoe fanatsarana ny haisoratra fotsiny akory no nokendreny araka ny hevitrany, fa fanentanana mihitsy ny mpanoratra ho tena olona manana izay maha izy azy ka ho toy ny kintana mpitarika ny mpiray tanindrazana aminy eo anivon' ny rafi-piaraha-monina najoron' ny mpanjana-tany.

(4) Jereo *FANASINA* faha-558, 27 jona 1968, tak. 3.

(5) Tsy voalaza tao amin' ny gazety fa Ravoajanahary Charles no nanoratra izany tao amin' ny laharana 557 sy 558 tamin' ny 20-27 jona 1968.

*
* *

Fihetsika roa mifanohitra no nentin' ny mpanjanatany nam-pisehoana ny fahefany hany ka voarirotra ny sain' ny teratany manoloana izany. Tetsy andaniny, dia nitolo-batana ho «Reny» mpamelona sy mpiaro ny zanany izy. Tetsy ankilany kosa, dia nanampatra ny maha mpifehy tsy refesi-mandidy azy izy.

Natsangana ny trano vaventy mba hanatsarana ny endriky ny tanan-dehibe manerana ny Nosy ary nanamboarana kianjam-boninkazo ny mponina mba hialany voly toy ireo Frantsay namany any Paris (1). Niorehana ny rindran' ny rafi-trano maro teto andrenivohitra kanefa toa tsy tsapa avy hatrany ny fanavakavahana aterak' ireny endri-javatra ireny ao amin' ny fiaraha-monina.

Noezahin' ny Gouverneur Général Marcel Olivier nampitomboina ny toeram-pitsaboana fony izy nitondra ny tany teto (1924-1930). Efa hatramin' ny taona 1922 no nandripaka ain' olona marobe ny pesta. Tsy misy izay tsy te ho salama, ary tsy fantatra rahateo izay tetika nokotrehin' ny mpitondra. Araka ny fijerin' izy ireo manko, dia tsy mifantana amin' ny velaran-tany ny isan' ny mponina. Tsy ampy ny sandry ampiasaina hitrandraka ny akoranjavatra aondran' ny kaompania any an-dafy. Manelingelina ny fanangonam-bokatra ny fielezan' ny areti-mifindra eo amin' ny mpiasa malagasy. Tsy dia fanasoavam-bahoaka loatra no noken-drena fa ny fampitomboana herim-batana hangoronana harena.

Nampianarina ho tia fandrosoana ny Malagasy, ka ny lalana mahomby indrindra amin' izany, hono, dia ny fanazarana azy amin' ny asa. Fomba ankolaka hitaomana azy ho mpiasan' ny kaompania na ny voanjo izany. Raha vao nanomboka manko ny fanjanahantany, dia noterena hanana anton' asa avokoa ny lehilahy tomady feno 16 taona ka hatramin' ny 60 taona (2), ankoatry ny fanefana asa maimaim-poana isan-taona ho an' ny fanjakana. Nitondra ny mafy ny raim-pianakaviana malagasy handoavana ny hetra isan-dahy. Vavolombelon' ny tantara izay voambara momba ny fampijaliana sy ny fanararaotam-pahefana nataon' ny mpampiasa vahiny, toy izay voarakitra ao amin' ny gazety *L'Opinion de Diégo-Suarez* (3). Karama vary masaka sisa no mba hany fiononana, indrindra ho an' ireo mpiasa any ambany ravin-kazo.

Tamin' ny jona 1926 dia natsangan' ny fanjakana ny «Service de la Main-d'Oeuvre pour les Travaux d'Intérêt Général (S.M.O. T.I.G.)», Antony maro no nentin' i Marcel Olivier nanamarina ny

(1) Jereo *Revue de Madagascar*, jolay 1933.

(2) Arrêté tamin' ny 27.12.1896.

(3) Lahatsoratra Ravoahangy «Le prolétariat indigène à Madagascar» tamin' ny 13.09.28, N° 30.

fanorenana io tafika am-potaka io. Marobe, hono, ny vatan-dehilahy ao amin' ny faritra atsimo sy andrefan' ny Nosy no tsy tonga saina akory amin' izany hoe hiasa izany raha tsy efa reraky ny hanoanana. Koa ho fitsimbinana azy ireo sady ho fisorohana ny fomba famoriana tery vay manta fanaon' ny fokonolona, dia aleo antsoina toy ny miaramila izy ireo (4), koa dia ara-dalàna tsara izany ny fanerena azy ho mpiasam-bahoaka. Raha ny marina anefa dia antony maivana dia maivana ihany io finiavan' ny fanjakana hanondrotra ny toe-tsain' ny mponina amin' ny asa io. Izay hahazoana manondrana vokatry haingana dia haingana ho ao an-tsonmpitry ny kaompania vaventy sy ny orin' asa any am-pitan-dranomasina no tena nima-soany. Tsy mbola maoritra tsara ny rafi-pamokarana sy ny fifamoi-voizan' ny mpitatitra vokatry hamonjy seranana. Nilaina fatratra ny fanaovana tetezana sy ny fanamboaran-dalamby, indrindra tany amin' ny faritra atsimo atsinanan' ny Nosy. Angamba nety ho tsara tetika teo ambony latabatra ny fomba famoriana sy fikarakarana ireny miaramilam-potaka ireny (5), saingy nampihoron-koditra kosa ny vokatry ny fampiharana ireny tetika ireny ka nahazoan' i Marcel Olivier tsiny tsy tao amin' ny Parlemanta frantsay ihany fa hatrany amin' ny Foibe iraisam-pirenena momba ny asa tany Genève koa (6).

Teo anivon' izany fampahoriana samihafa izany anefa, no ahitana soratra fanandratana ny asa soa nataon' i Frantsa hoe :

« (...) Mpirahalaha isika rehetra, Frantsa be fitiavana no
 « reny niteraka antsika. Io no fahazavana ambony fitoe-
 « tra, ka mahazo ny akaiky, mahatsilo ny lavitra. Tsy
 « misy haizin-kadalana mahajanona eo anatrehan' ny
 « heriny mahatalanjona sy ny fahendreny maha-te-hidera,
 « ka Madagascar manjombona dia efa manjary Madagas-
 « car mamirapiratra ankehitriny izao » (7).

Lasalasa ny eritreritra hoe tsy henon' ny mpiray tanindrazana va re ny akon' ny fijalian' ny namany any ambany ravin-kazo any, sa kosa jamban' ny rendrarendra niniana natobaka teny an-tanandehibe izy ka tsy mahatsinjo ny alo-pahafatesana manarona ny taniny ?

(4) Jereo ny bokin' i Marcel Olivier « Six années de politique sociale à Madagascar », Paris, 1931, tak. 105-109.

(5) Jereo ihany koa, tak. 114-118.

(6) Niezaka nanamarina ny asany i Marcel Olivier ao amin' ny tak. 118-124. Misy fitantarana nataon' ireo miaramila sisam-paty tao amin' ny SMO-TIG ao amin' ny gazety *Madagascar Matin*, laharana 1157-1159, tamin' ny 23-25 marsa 1976.

(7) « Ilay fahazavana lehibe », ao amin' ny *Gazetim-panjakana*, laharana 1703, tamin' ny 20 septambra 1929.

Nanova tsikelikely ny fifandraisan' ny samy Malagasy ny toetra «samy mila ho azy» nateraky ny rafi-pamokaran' ny mpanjanatany. Tsy nampaninona loatra ny kaompania vahiny ny fisian' ny fikambanana malagasy mpitrandraka akoran-javatra na mpanangombokatra : fantany fa tsy manam-pitaovana firy ireny ka tsy afa-mifaninana aminy sady tsy mahazo lalam-barotra any ivelany raha tsy amin' ny alalany. Koa izay sarangan' olona nahay niray petsa-petsa tamin' ny Vahiny dia nanjary nanan-karena tampoka sady nanana tombon-tsoa tsy niombonana tamin' ny valala tsy mandady harona (8).

Niteraka fisaratsarahan-tsaina teo amin' ny mponina ireny fihe-tsika sy tetika nataon' ny mpitondra ireny. Na dia nihevi-tena ho tsy refesi-mandidy aza izy anefa, dia voahelingelina matetika noho ny fitakiana fitovian-jo notarihin-dry Ralaimongo sy ny namanany. Nampiasa fomba famoretana toy ny fandoavan-tsazy na fampidirana am-ponja na fandrarana tsy mitety faritany (9) ny mpitondra frantsay mba hanakonana sy hiarovana ny asan' ny voanjo namany. Noheveriny fa ny fampihorohoroana ampiarina amin' ny mpitari-tolona no hampitsahatra ny hetahetam-pahafahana ao amin' izy ireo. Nanaovany toeran-tsy zaka ny mpiandraikitra ny gazety *L'Opinion de Diégo-Suarez* izay namaky bantsilana ny tsindry hazo lena nataon' ny voanjo. Voafehin' ny lalàna natsangany ihany anefa ry zareo mpitondra ka tsy afa-nisakana ny fivoahan' ny gazety amin' ny teny frantsay hafa koa, dia ny «*Réveil Malgache*» tamin' ny taona 1929. Ny fihetseham-bahoaka tao Antananarivo tamin' ny 19 mey 1929 no nampibaribary taminy fa tsy azo tampenam-bava toy ny tongobolo akory ny teratany liampahafahana marina (10). Tsinjon' ny mpitondra frantsay anefa fa tsy ny Malagasy rehetra no te ho afaka na haniry fitovian-jo.

Efa takatry ny mpitondra hatramin' ny voalohany fa hahomby ny tetika fampizarazarana fisainana mba hahafahany manjakazaka tsara. Na dia fantany tsara aza fa tsy mifanentana amin' ny karama raisin' ny Malagasy ny vidin-javatra, dia natosany teny amin' ny tranom-barotra ny fitaovana sy ny haitraitra samihafa mety hanintona ny mponina (11). Nandia fotoan-tsarotra rahateo ny toe-karen' ny Tandrefana nanomboka tamin' ny taona 1929 hany ka zarany aza nisy zanatany nahazoany nanondranana ny vokatry ny orinasany.

(8) Jereo ny bokin-dRabemananjara R.W. «*Histoire du peuple malgache*», tak. 133

(9) Jereo *Ny tari-dàlana*, boky I, navoakan-dRazafindrakoto Sammuel, Antananarivo, 1968.

(10) Jereo ny bokin' i Jean-Paul Domenichini «*Jean Ralaimongo et l'origine du mouvement national malgache*», 1961.

(11) Jereo ny toko faha-XXIV ao amin' ny bokin' i Boiteau Pierre hoe : «*Contribution à l'histoire de la nation malgache*», Editions sociales, Paris, 1958.

Ny fiampiainan' ny Vahiny hatrany no natao filamatra (12) koa vao mainka nihalalina ny hantsana nampisaraka ny fiaraha-monina izay mbola nitsitokotoko noho ny saranga nentim-paharazana. Nanjary nisy Malagasy nanohana fatratra ny rafitra najoron' ny Frantsay satria nahitany tombon-tsoa ary nisy kosa Malagasy voadidy hianona amin' ny «karama vary masaka» sy hiaritra ny famoretana ataon' ny mpampiasa vahiny (13).

Fomba iray nanafenana ny zava-misy tany amin' ny zanatany teo imason' ny mponina tany Frantsa ny «Exposition coloniale» tao Vincennes tamin' ny taona 1931. Karazana fampielezan-kevitra nenti-nanamarinana ny fandanium-bahoaka ho amin' ny fanasoavana ny terak' olombelona io lanonana io. Tahaka ny mijery gidro tao amin' ny Zoo ao Vincennes ny fitolagagan' ny Frantsay mahita ireto olona hafa fihodirana taminy izay tsy niroa fo tamin' ny fampisehoana vako-drazana mampiavaka ny fireneny avy (14). Toa nisondrotra avo ny toerana nisy ny mpanao asa tana malagasy angamba nefa nitombo mihoatra noho izany koa ny fanohanana sy ny fankasitranan' ny vahoaka frantsay ny fanjanahan-tany. Na toa inona aza ny tetika nokotrehin' ny mpitondra tamin' iny fampisehoana iny, dia nirehareha fatratra izay Malagasy nanara-maso izany fa tsy mena-mitaha amin' ny hafa akory ny vokatry ny taniny sy ny vakomanitry ny fireneny.

Ankoatra ireo faritry ny Nosy tonga saina noho ny fanazavana nataon-dry Ralaimongo sy ny namany, dia azo lazaina fa zary mpanara-davahana ny ankamaroan'ny mponina teo amin' ny fihe-tsiketsehana ivelany. Atody, hono, tsy miady amim-bato. Handamoka ny fitakiana fiovan-drafitra raha tsy matevina ny firaisan-kina. Difotra ao anatin' ny fampihorohoroana sy ny fanambatambazana koa izay mba hetahetam-pahafahana ao amin'ny valala tsy mandady harona. Sarotra ny lalana hamerenana ny fiandrianana ara-politika (15).

Tsy afaka mampijoro ny fiandrianan' ny saina amam-panahin' ny fireneny ny vahoaka, hoy i Frantz Fanon (16), raha mbola ao ambany vahohon' ny mpanjana-tany izy. Amin' ny ankapobeny dia azo lazaina fa vondrona roa no nifanindran-dalana teo amin' ny fanabeazana ny Malagasy, dia ny Fanjakana sy ny Fiangonana.

(12) Jereo *Histoire de Madagascar*, tak. 305-306, nosoratan' i Hubert Deschamps, Paris, 1965.

(13) Jereo BOITEAU, tak. 319-320.

(14) Ao amin' ny gazety *TANAMASOANDRO*, faha-873, 28 jolay 1931, dia ahitana lahatsoratra momba «Ny dian' ireo Malagasy ira-panjakana hitsidika ny fampisehoan' ny zanatany samihafa ao Paris».

(15) Jereo BOITEAU, tak. 327-329.

(16) Jereo ny boky *Les damnés de la terre*, tak. 141-175, Maspero, Paris, 1976.

Samy hafa ny tanjona notratrariny : irỳ voalohany dia tsy nikendry afa-tsy ny hanofana mpiasa kinga sy havanana ary afaka hibaiko ny namany eo amin' ny fampitomboana ny vokatra ; ity faharoa kosa dia nikely aina tamin' ny famolavolana olona mahatsangy no àry sady mendrika ny atao hoe zanak' Andriamanitra (17). Na dia nisy nitovizana aza ny fitaovana sasany, toy ny teny na ny gazety ohatra, dia samy nanana izay fomba nampiasany azy ireny izy roa tonta.

Nodian' ny mpitondra zanatany tsy hita ny fihadomboan' ny sain' ny teratany vokatry ny fampianarana teny frantsay natao amboletra hatrany an-tsekoly. Mba nokianina-dry Julien (18) na ry Olivier (19) ihany io rafi-panabeazana natsangan' i Galliéni io satria tsy nampandroso marina ny fiainan' ny ankamaroan' ny mponina : voazarazara ny sainy noho ny fahasamihafan' ny teny ampiasainy ao an-tokantrano sy any an-tsekoly hany ka manjary miolonolona ao amin' ny fiaraha-monina niaviany izy no sady tsy tafatsofoka tanteraka ao amin' ny tontolo frantsay nanazarana azy tany ampianarana. Nanampy izany koa ny famoretana nataon' ny mpampiasa ka nisakana ny fivelaran' ny fanahy maha olona. Kanefa teo imason' ny mpanjana-tany dia lehibe lavitra ny fitrandrahana ny harena ao an-kibon' ny tany noho ny fitandroana ny zo amantsatan' ny olombelona.

Misy angamba hilaza fa tsy fandavana bontolo ny anjara toeran' ny teny malagasy akory no nasehon' ny mpitondra teto. Sampandraharaham-panjakana mihitsy no nikarakara ny *Gazetim-Panjakana* izay naely manerana ny Nosy. Maro koa ny mpanoratra teratany namoaka ny asany tao amin' io gazety io. Rehefa tena dinihina anefa dia fitaovana nahasoà indrindra ny mpiasam-panjakana izy io satria ny androatokon' ny takelaka ao aminy dia mirakitra ny didy aman-dalàna sy ny fanondrotan-karaman' ireny mpiasa ireny. Ny ankamaroan' ny lahatsoratra ao amin' ny «vaovao tsy ofisialy» kosa dia nokendrena hanehoana ny laza soa sy hanamafisana orina ny fitondrana frantsay (20). Karazana tampi-maso natao tamin' ny teratany koa izany io gazety io.

(17) Hazavain' i Hardyman J.T. izany ao amin' ny bokiny *Madagascar in the move*, tak. 65-66.

(18) Jereo ny *Revue de Madagascar*, Paris, 1906, tak. 900.

(19) «Six ans de politique sociale à Madagascar», tak. 204-206.

(20) Voafehin' ny didim-panjakana nivoaka tamin' ny 16 febroary 1901 ny gazety tamin' ny teny malagasy ka voarara tsy hanao resaka politika na mikasika ny fitondram-panjakana izy ireny. Raha ny marina dia hoe voarara ny fitsikerana na ny fanoherana ny fitondram-panjakana na ny fitarihana ny mpamaky hisaina izany.

Azo lazaina fa nandranitra fiasana hamelezana azy ny mpitondra raha namela ny antokom-pinoana kristianina nanohy ny asany teo amin' ny teratany malagasy. Fanabeazana olona manana izay maha izy azy manko, hoy isika tetsy aloha, no iray amin' izay tanjona kendren' ny Fiangonana. Tsy nampiova izany fenitra izany ny niantsoana Frantsay hanatevin-daharana ny misionera anglisy niasa teto. Nomena lalana hampianatra amin' ny teny malagasy ny sekolin' ny misiona ankoatra ny fandaharam-pianarana niombonana tamin' ny sekolim-panjakana. Nanafaingana ny fivelaran-tsain' ny mponina sady nampandroso ny fikolokoloana ny aim-panahy izany (21). Nitetika izay hanamaivanana ny herin' ny finoana kristianina ny mpitondra ka nampirisika ny famoahana gazety tsy miankina amin' ny misiona (22). Hafa dia hafa anefa ny vokatr' izany : nanjary sehatra nahazoan' ny mpanoratra nitaiza sy fitaovana nampiray ny fo amam-panahin' ny mpiara-belona taminy ny gazety teny malagasy.

Tsy miafina amin' ny mpanoratra ny zava-mianjady ao amin' ny fiaraha-monina ivelomany. Ao amin' ny asany no anambarany ny ao am-po tsy miloaka sy ny tebitebin-tsain' ny mpiara-belona aminy. Hita ao amin' ireny gazetim-piangonana sy gazetim-bahoaka ireny na ny lahatsoratra fanondrotam-panahy hiatrehana ny adim-piainana, na ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra hanitaram-pahalalana, na ny lahatsoratra fitsikeran-toetra hanitsiana fitondran-tena. Noho ny sivana namehy ny gazety malagasy, dia tsy afaka nitanisa ny fanararaotam-pahefana nataon' ny mpitondra izy na nampibari-bary ny famoretana nihatra tamin' ny mpiasa. Hisy angamba hilaza fa tampi-maso teo amin' ny fiaraha-monina koa ireny gazety ireny satria mivaona amin' izay endri-piainana nisy ny zavatra ambarany. Hain' ny mpamaky sy ny mpanoratra anefa ny mifamantatra sy mifanakatra ao ambadiky ny fombam-pitenenana sy ny sarin-teny voarakitra ao amin' ireny asa soratra ireny. Fa matetika indrindra manko dia efa ao am-pon' ny mpamaky ny hevitra ka ao amin' ny asa soratra no ahitany azy mivaingana ho teny : iarahany mizaka ny fanivaivana ataon' ny mpitondra azy ; iarahany toherina ny fihetsika mampikororosy ny lovan-tsaina nentimpaharazana ; iarahany vetsoina ny hanina ny lasa sy ny fanantennana ny ho avy.

*

* *

- (21) Jerco ao amin' ny *Madagascar*, Cahiers Charles de Foucauld, 1950, tak. 309-327, lahatsoratra roa nosoratan' i Jean-Brice « L'œuvre des missions protestantes » sy Mgr Sartre « Les missions catholiques ».
- (22) Nahery vaika ny fanenjehana ny asan' ny misiona kristianina fony Augagneur Victor no nitondra ny zanatany teto (1905-1910), ka nampirona tsikelikely ny avara-pianarana hanaraka ny fisainan' ny « libres penseurs ». Nohazavain-dRavoajanahary Charles izany ao amin' ny lahatsorany « La notion de liberté chez les Malgaches », tak. 48-50, *Annales de l'Université de Madagascar*, faha-7, 1967.

Raha izany âry ny endrika aman-toetran' ny fiaraha-monina ankapobeny manodidina ny taona 1920-1930, inona kosa ny anjara nentin-dRajoelisoLo Charles teo amin' ny mpiara-belona tamin'ny ?

Azo lazaina hoe vaindohan-draharahany ny fikarakarana gazety sy ny famoahana asa soratra tao amin' izy ireny. Vao 19 taona ny tovolahy dia efa nanomboka nampianatra tao amin' ny Sekoly Ambohijatovo Atsimo niadidian' ny Friends' Foreign Mission Association (F.F.M.A.). Na rainy Rajaona Ralaikera, na ny reniny Razaiarivony, dia samy mpampianatra ka nanampy azy tamin' ny fiofanana samihafa nataony (23).

Raha namoaka ny gazety *Ny Ranovelona* ny Fikambanan' ny Mpianatra Maintimolalin' ny Sekoly Ambohijatovo Atsimo tamin' ny taona 1925, dia nirotsaka avy hatrany ho isan' ny mpikarakara izy niaraka tamin-dRandzavola Henri sy Ravoajanahary Alphonse ary ny Avana Ramanantoanina. Ao amin' ny laharana faha 4, ohatra, no ahitana fanadihadiana nataony momba «Izay atao hoe harena», dia ny fiaviany, ny antony sy ny zava-kendreny (24) : miseho lany ao ny fidadasiky ny fahalalany ny hevitra ny mpandinika momba ny entam-barotra sy ny fitaovam-pamokarana. Koa tsy mahagaga raha toa nanjary nanavanana azy ny asam-barotra raha injay izy voatery niato tamin' ny fampianarana tamin' ny taona 1933.

Ankoatra izany anefa dia tao amin' *Ny Ranovelona* ihany koa no namoahany ny «Fisavan-dâlana amin' ny literatiora malagasy» (25), izay loharano niteraka ilay famelabelarana isan' izay nampahalaza azy hoe «L'origine et l'évolution de la poésie malgache» (26). Tia mikaro-javatra izy sady hainy ny mizara ny vokatry hitany amin' ny mpiara-belona aminy.

Tonian' ny gazety *Ny Sakaizan' ny Tanora* koa izy nandritra ny efatra ambin' ny folo taona (1926-1940). Mahalana izy vao mba miseho anarana ao amin' ny lahatsoratra avoakany ao. Azony antoka tsara ny vokatry ny asany, koa tsy misalasala akory izy raha milaza ohatra hoe :

(23) Nampianatra tao amin' ny Kolejy L.M.S. tao Faravohitra ny rainy, ary nahazo ny filazana fahaiza-mampianatra tao amin' ny Sekoly M.P.F. tao Ambavahadimitafo kosa izy tamin' ny 1913.

(24) Jereo *Ny Ranovelona*, jolay 1925.

(25) Jereo ihany io gazety io, taona 1925.

(26) Lahatsoratra navoaka tao amin' ny *Bulletin de l'Académie Malgache*, 1958.

« (...) Misy asa lehibe dia lehibe ila tsy hoheverin' ny
 « olona ankehitriny nefa marina ataon' ny *Sakaizan' ny*
 « *Tanora*, dia ity : — Izy no isan' ny nampandroso indrin-
 « dra ny literatiora malagasy (...). Talohany, vitsy ny
 « mpanoratra malagasy, fa saiky tao aminy avokoa no
 « nanandrana nanoratra ny tanora izay tonga mpanoratra
 « tato aoriana (...). Izany nataon' ny *Sakaizan' ny Tanora*
 « taloha izany dia mbola ataony ankehitriny, ka be ny
 « zatovo no miana-manoratra ao koa mba hanatevina ny
 « laharan' ny mpanoratra rahatrizay » (27).

Zava-droa loha no heverinay fa nampiaavaka ity gazety ity : anankiray, dia izy no nampahafantatra be indrindra ireo karazan-dahateny samihafa, toy ny tantara, ny sombin-tantara, ny tononkalo, sns... izay tsy fahita firy tao amin' ny gazety tranainy namany. Manaraka izany, dia izy no nanana tonian' ny fanoratana, izay tera-tany malagasy hatrany am-boalohany dia Rasoamanana. Nampitombo lanja ny fijerin' ny olona io gazety io izany, satria sady nahaliana ny mpamaky ny lahatsoratra no nahazo fampirisihana avy amin' ny tonia koa ny mpanoratra. Noheverin-dRAJOELISOLO Charles ho adidy ny mitarika ny zatovo ho tonga mpanoratra, raha namoaka ny « Tsipi-hevitra ho an' izay te-hanoratra » (29) izy tao amin' io gazety io. Tsy maivana taminy koa anefa ny anjara toeran' ny mpamaky ao amin' izany tari-dàlana izany :

« (...) Ary na tsy manam-pikasana ho mpanoratra boky
 « na gazety ianao, dia mba vakio ihany izao tsipi-hevitra
 « izao sitrany ahay hahazoanao manavaka ny tsara sy ny
 « ratsy amin' izay vakinao » (30).

Tezaina ny mpamaky hahay hamantatra ny vokatry ny fisasaran' ny mpiara-belona aminy sy hifantina amin' izay aroso eo anatrehany. Fironan-tsaina niombonan' ny ankamaroan' ny mpanoratra an-gazety tamin' izany fotoana izany io famohazan-tsaina sy fanentanana handinika ny zava-misy io. Notaomina handini-tena sy hanadihady izay toetra maha izy azy ny mpamaky.

Ohatra, tao amin' ny gazety *Ny Mpanolo-Tsaina*, dia nisy antokon-dahatsoratra nantsoin-dRavelojaona hoe « Iray tarika », fony izy tonian' ny fanoratana tamin' ny taona 1927-1929. Izay hampandrosoana ny Malagasy no fototry ny fandinihana, ka voatsikera tao

(27) Jereo ny laharana janoary 1928.

(28) Jereo ny laharana septambra 1907 milaza ny asa vitan-dRasoamanana.

(29) Jereo ny laharana mey 1930 ka hatramin' ny Novambra 1931.

(30) Jereo ny laharana mey 1930.

na ny amin' ny toetoe-batana amam-pahasalamana (31), na ny amin' ny fivavahana fahiny (32), na ny amin' ny haisoratra (33), na ny amin' ny hira (34), na ny amin' ny toetra fandevona sy fame-lona (35). Karazana fanoitra namelombelona ny eritreritra nila ho tootry ny rafi-pamoretan' ny fiaraha-monina ireny fanadihadiana samihafa ireny. Azo lazaina anefa fa famaritana ankapobeny no naroson' ny *Mpanolo-tsaina* fa ny gazetim-bahoaka hafa toy ny *Tanamasoandro* na ny *Grande Ile*, na *Antananarivo* no nampielny ny hevitra araka izay tandrify azy.

Avahana amin' ireny gazety ireny ny *Fandrosoam-baovao* tamin' ny ezaka nataony hampivoatra ny fiaraha-monina. Tsy hita na azo tsapaina ny fandrosoan' ny mpamaky, kanefa azo tarafina ao amin' ny lahatsoratra aroso ho azy ny ambaratongam-pahalalana mety ho tratrany. Ankoatra ny antso ho amin' ny fanavaozana ny haisoratra — izay mbola hodinihina etsy ambany — dia notarihina hamotopototra ny zava-misy aloha ny mpamaky: ohatra, ny gazety, ny teny malagasy, ny varotra, ny fitafiana, ny fambolena, ny fiompiana, ny toeran' ny vehivavy malagasy, sns... Nasesy saika isan-kerinandro nanomboka tamin' ny desambra 1932 ka hatramin' ny avrily 1933 izany (36). Voakendry hatrany mba hampieritreritra ny mpamaky ireny famotopotorana ireny hany ka voatsikera mate-tika ny toe-tsaina nentin' ny mponina nisetra ny fiainana. Taorian' izany, nanomboka tamin' ny volana septambra 1933, dia naroso amin' izay ny vaha olana nobangoina tamin' ny lohateny hoe «Izay ilaintsika maika eo amin' ny handrosoana» ary nasongadina kosa ny toetra mahay mandanjalanja ny soa nentim-paharazana sy ny tsara alaina amin' ny Vahiny. Kanjo arakaraka ny nironan' ny olona tamin' ny fisainana politika noho ny fiovam-pitondrana tany Frantsa tamin' ny taona 1936, dia nanjary niova fenitra ny gazety: fandrosoana vaovao teo amin' ny rafi-pitantanam-panjakana indray no nimasoany (37), ary mbola nanatevin-daharana tao ihany RAJOELISOLO Charles.

Tsara homarihina fa na dia nifototra tamin' ny zava-nisy sy ny toe-tsain' ny mponina teto an-toerana aza ireny fanadihadiana ireny,

- (31) Ny *Mpanolo-Tsaina*, laharana martsa 1927 no ahitana ic lahatsoratra Rakotomalala io.
- (32) «Ny fivavahana sy ny fitondran-tenan' ny Malagasy», nosoratan-dRamambazafy Victor, mey 1927.
- (33) «Isika sy ny literatiora», nataon-dRabearivelo Jean-Joseph, mey 1927.
- (34) «Ny Malagasy sy ny hirany», nataon' Andrianisa Samuel, jolany septambra 1927, mey-septambra 1928.
- (35) O. Rasolo no nanoratra ny amin' io, janoary sy mey 1928.
- (36) «Mby aiza...» no lohatenin' ireny lahatsoratra ireny.
- (37) Nikisaka tsikelikely teo amin-dRazafintsalama Gabriel ny fikarakarana ny gazety izay niandraiketan' Ny Avana Ramanantoanina.



dia niara-dàlana lalandava tamin' ny fampitomboana ny fahalalana izay zava-nitranga tany am-pitan-dranomasina tany. Ohatra, raha nanazava ny amin' ny krizin' ny toe-karena eran-tany RAJOELI-SOLO Charles (38), dia asehony ny tetika amin' ny fampiasana fitaovana sy ny fiantraikan' izany eo amin' ny lalam-barotra iraisam-pirenena.

Tsapan' ny mpandinika malagasy fa sarotra ialana ny rivotra tandrefana nafafin' ny mpanjanatany teo amin' ny sehatry ny fiaraha-monina. Tsy afa-naneho fandavana bontolo ireny harentsaina amam-pitaovana vahiny ireny izy satria mba nitera-bokatsoa ihany ireny. Tsy niafina taminy koa anefa ny fihinanana amambolony nataon' ny olona sasany. Nampirisihana fatratra ny mpamaky hahay mifantina izay fahalalana na fomba fiaina hanatsarana ny nentim-paharazana sady hahay mamorona zava-baovao mahasoa ny fiaraha-monina. Koa izay noheverina ho fandrosoana tamin' izany vanim-potoana izany, dia hoe «tsy mandevona ny maha-Malagasy ny tena, fa manondrotra azy ho tonga Malagasy ambony (...), dia Malagasy asondrotry ny fandrosoana, fa tsy ho Malagasy levonin' ny fandrosoana» (39).

*

* * *

Fa mba nanao ahoana kosa ny fomba nentin-dRAJOELISOLO Charles nampandroso ny haisoratra teo amin' ny mpiara-belona taminy ?

Fanilo nitarika ny dian' ireo mpanoratra zazavao ny «Tsipehevitra ho an' izay te-hanoratra» narosony tao amin' ny *Sakaizan' ny Tanora* (40). Isam-bolana, nandritra ny herintaona sy tapany no niresahany tamin' izy ireo. Resaka, hoy izahay, satria noezahiny izay hahatonga ireny toro làlana ireny hanintona ny saina : atsidiny ao na sarin-teny anazavan-kevitra, na andalan-tsoratra atao ohatra amin' izay ampianariny, na teny fampieritreretana fo amam-panahy. Voantana tsy satry ianao hanoratra koa...

Araka ny teny fitarihan-kevitra nataony, ny antony nanolorany tsipy hevitra, hono, dia noho ny fahitany ireo mpanoratra mafana fo erỳ mandefa asa soratra nefa tsy dia mahavao firy amin' izany. Teo am-piandohana izy dia nilaza hoe «zavatra kely foana tsindroandroaninà, hanokatra ny saina sy ny fo, hitsilo ny dia no atao

(38) Jereo *Ny Sakaizan' ny Tanora*, febroary-jona 1937.

(39) Jereo «*Ny Fandrosoana*», nosoratan' i O. Rasolo ao amin' ny *Mpanolo-tsaina*, novambra 1928.

(40) Nanomboka volana mey 1930 ka hatramin' ny novambra 1931.

eto» (41). Rehefa antomorina anefa dia ny nanaitra sy nikolokolo ny talentam-panoratana tao amin' ny tsirairay no nataony. Araka ny heviny, tsy tonga mpanoratra ho azy fotsiny akory izay te ho mpanoratra fa tokony hamola-tsaina mandritra ny fotoana maharitra izy aloha.

Toy ny lahatsoratra fampianarana, dia mazava ny drafitra name-labelarany ny hevitra. Dingana efatra no asainy diavin' izay te hanoratra, ka :

- 1) miomana
- 2) mamorona izay holazaina
- 3) mandahatra azy
- 4) mamboraka azy.

Hazavainy matetika anefa fa tsy dia voafaritry miavaka ao an-tsaina araka izany akory ireo dingana ireo, fa mety hifanitsaka ihany indraindray.

1) **Miomana** : Zarina hihevitra sy hieritreritra ny fo sy ny saina. Izay te hanoratra dia mampiana-tena handinika ny manodidina azy aloha, «dia hiforitra ao anatiny ka hanontany tena hoe : inona no tsaroako amin' izany» (42).

Manaraka izany dia hanazatra ny fony hiontana amin' izay tsapany sy hitany ary reny izy, dia hiezaka hiombona amin' ny manodidina : hiara-mifaly amin' izay mifaly ary hiaraka ory amin' izay mitomany. Izay antsoina hoe olona «manam-po», dia izay «mahay mampanako ao anatiny ny mozika reny avy aty ivelany», indrindra fa ny rindran-doko tazana eo amin'ny zava-boahary. Ampirishina fatratra ny tanora hitolagaga amin' ny hatsaran-tarehin' ny tontolo iainany ka handrindra izany amin' ny fihetseham-po, toy izay nataon-dry Lamartine na Victor Hugo na Paul Verlaine, ohatra.

Tsy ny fo mahatsiaro ihany no miasa ao amin' izay te hanoratra, fa ny saina mihevitra koa. Hita manko fa «matetika ny mpanoratra tsy mba nanitatra ny sainy no bebe rehaka, manaonao azy ho zavatra na dia hita fa maivana sy tsy misy vidiny ohatrinona loatra aza ny lahateny voasorany» (43).

Ny fampitomboana saina tsara indrindra amin-dRAJOELISOLO Charles dia ny fianarana sy ny famakiam-boky. Vatrany ny mitanisa ireo boky notsongaina avy amin' ny literatiora grika sy latina ary

(41) Jereo ny laharana mey 1930.

(42) Jereo ny laharana mey 1930, tak. 76.

(43) Jereo ny laharana jona 1930, tak. 92.

kristianina (44). Itariny hatrany amin' ny asa soratry ny Anglisy sy Alema sy Espaniola sy Italiana ary Rosiana izany (45). Ary faranany amin' ny «literatiora frantsay izay tsy maintsy atao fototra hiorenan' ny antsika Malagasy» (46).

Marihiny tsara fa tsy famakiam-boky noho ny fitiavana hahafantatra tantara fotsiny no atao. Ny fomba famaky mahomby indrindra dia «ny mandevona azy toy ny vary ao anaty vavony hanjary nofo sy ra» (47). Koa ny fampiharana izany fomba izany dia efa lâlana hanefena toetra maha olona :

« (...) Tsarovy fa nataon' Andriamanitra samy hafa kely
 « ny lohan' ny olona, ka na be aza no iraisana, dia misy
 « tsipiriany kely mety amin' ny hafa fa tsy mety aminao.
 « Karohy io, tadiavo ; avadibadiho ny lazain' ny hafa na
 « fantatra fa ngeza lavitra noho ianao mpamaky aza izy,
 « ka visavisao ao an-tsaina izay ekenao sy tsy ekenao
 « amin' ny hevitra ambarany. Izany fomba izany no hana-
 « nanao ilay toetra maha-ianao anao ka iavahanao amin'
 « ny hafa, fa tsy hahatonga anao ho soson'ny hafa fotsiny
 « na kopiany ; hanananao *personnalité*, hoy ny Vazaha
 « milaza azy» (48).

Vao eo am-piomanana izay te hanoratra dia efa voantana hika-tsaka ny toetra iavahana amin' ny hafa. Ho hitantsika fa mitambenina toy ny ako isaky ny dingana diaviny izany.

2) **Mamorona izay holazaina.** Miangona tsikelikely ao an-tsaina sy ao am-po izay nodinihina sy novakina. Amin' izany no anombinana ka hamoronana izay holazaina. Maro ny karazan-dahateny fampiasa : ao ny famaritan-kevitra, ny fitanisana, ny filazana sary an-tsoratra, ny fitantarana, ny fanoharana, ny fanamarinan-kevitra ary ny fandresen-dahatra. Dia hazavain-dRAJOELISOLO Charles hatrany izay mampiavaka ireo karazan-dahateny ireo.

(44) Ny an' ny Grika toa an' i Homère sy Hérodote ary Thucydide, sy ny an' ny Latina toa an' i Lucrèce sy Cicéron ary Sénèque sy ny hafa koa no antsoiny hoe foiben' ny loharano niandohan' ny onin' ny literatiora. Ao amin' ny literatiora kristianina kosa, dia lazainy fa «ny Salamo, ny Jeremia no isan' ny poezia tsara indrindra vitan' ny olombelona».

(45) Samy anomezany ohatra iray na roa avy ireo.

(46) Ny fahalalana ny literatiora frantsay isaky ny taon-jato teo anivon' ny tantara no imasoana. Avahany hatrany anefa ny asan' ireo mpanoratra tsara fandinika na eo amin' ny tantara foronina na eo amin' ny tononkalo.

(47) Jereo laharana mey 1930, tak. 94.

(48) tak. 94.

Tsipy hevitra momba ny fitantarana no singanintsika amin' ireo voalaza ireo. Ohatra, raha olona tena nisy tokoa no hotantaraina, «izay tsaroan' ny fanahinao teo am-pahitana azy, na dia kely ihany aza izay hitanao izay, dia tsara lavitra noho ny fotografy diso maza-va loatra ka ahitana ny mony sy ny tandra ary ny singam-bolomaso izay tsy hampaninona akory na ao na tsy ao. Izay tsaroanao mahaizy ilay olona no ilaina». Raha olona tsy tena nisy kosa fa vao foronina no ambara, dia «kendreo mafy ny hamoronanao sary ao antainao ho toy ny tena nisy ilay tsy nisy» (49). Fa ny sarotra indrindra, ary mbola ilàna fanazarana sy fiezahana, dia ny fahaizamampifanaraka ny olona tantaraina amin' ny tantara ametrahana azy. Mitaky fandinihana ny toetran' ny olona manodidina izany : «tsy maintsy hianaranao anefa izany raha te hahasoratra tantara tsy havahana ho isan' ny kitoatoa any aoriana ianao» (50). Miankina amin'ny famolahan-tsaina sy ny fahatsapana fihetseham-po iezahan' ny mpanoratra ny fahaizany mamorona toe-javatra manodidina izay tantarainy.

3) **Mandahatra izay holazaina.** Araka ny toro làlan-dRAJOELISOLO, dia eto amin' ity dingana ity no ivelaran' ny toetra iavahan' ny mpanoratra amin' ny hafa. Mifanitsaka amin' ny dingana tetsy aloha ity satria eo am-pamoronana izay holazaina dia efa misy filaharana arahin' ny saina sy ny eritreritra sahady. Azon' ny mpanoratra ialana izany raha sendra misy làlana hafa tiany hizorana. Kanefa na izany aza, dia tsara ny mizatra mandahatra mialoha hampilamina izay hambara. Miankina indrindra amin' ny fandaharana azy no mahatsara ny hevitra. Tsy misy hevi-baovao mety ho hita intsony, hono, fa ny hevitra tranainy ihany no alahatra hanana endrika vaovao. Zava-tsarotra ny fanoritana fomba fandaharan-kevitra na fanaovana plana, satria «toy ny mpanao sary hoso-doko ny mpanoratra ka aoka samy hitarika ny borosiny amin' izay manavanana azy» (51). Tsy tsara ny plana maty paika na efa vita lasitra fa «aoka hiseho ao amin' ny fandaharanao ny plana maha-ianaona — *personnalité et originalité*, hoy ny Vazaha - -» (52).

Nefa na dia izany aza, hono, dia làlana roa no arahina ao amin' io fandaharana io.

— Ny voalohany, dia mba ho iray fototra izay lazaina ka azon' ny saina indray sahanina sy mamela fahatsiarovana iray mivongady. Sarin-teny hafa indray no arosan' ny mpandahatra amin' izany :

(49) Jereo laharana septambra 1930, tak. 138.

(50) tak. 140.

(51) Jereo laharana novambra 1930, tak. 171.

(52) Jereo laharana janoary 1931, tak. 11.

«(...) Tsy tokony ho toy ny lokanga voatavo izy, izay
 « feo telo na dimy monja no miverimberina ao, fa ho toy
 « ny valiha beso varahina misy kofehy telopolo samy hafa
 « feo nefa miray, mifanaraka manao hira milanto maha-
 « finaritra ny sofina sy ny fo. Tsy feo iray miverimberina
 « fa feo maro miray hina. Toy izany koa, lahatsoratra
 « tsy milaza zavatra iray tarika miverimberina fa zavatra
 « samihafa iray fototra» (53).

- Ny faharoa, dia mba hanana toetra mizotra mikoriana fa tsy mihoninkonina eo am-pitoerana eo, izany hoe tsy hevitra maro mifandimbindimby akory no aseho, fa hevitra maro mandroso mankamin' ny fiafarany : «ny lahatsoratra mizotra marina, dia toy ny fiainan' ny olona : ankizy tonga lehibe, lehibe manjary antitra ; niova, nefa ny teo ihany» (54).

Araka izany dia fanefena toe-tsaina hoenti-misedra ny fiainana mihitsy no naroso tamin' ireto tsipy hevitra ireto, dia toe-tsaina liam-pahafahana sy tia fivoarana ary mpandala rindran-javatra.

4) **Mamboraka izay holazaina.** Izay ifandraisana amin' ny mpamaky no kendreny indrindra amin' ity dingana ity. Koa adidin' ny mpanoratra ny mifantina izay hevitra na fihetseham-po tantarainy. Hiseho amin' izany indray ny toetra maha izy azy izay iavahany amin' ny hafa. Tsy natao hilaza ny antsipirian-javatra izy indraindray fa hanome fahafahana kosa ny mpamaky hamantatra sy hieritreritra. Manan-danja toa izany koa ohatra, ny fisafidianana izay teny ampiasaina mba ho teny fohy nefa feno hevitra. Karazan-tsary hafa indray no entiny hanazavana izany hoe teny feno hevitra izany :

« (...) Ny mandahateny, toy ny misoron' afo : raha atao
 « be am-patana ny kitay, dia hidonaka hanetroka ; tsy
 « maintsy asiana elanelany hidiran' ny rivotra izy hirehe-
 « tany. Toy izany koa : raha afatratrao amin' ny teny
 « vitsy ny hevitra maro, dia ho dona-tsetroka manem-
 « potra fotsiny izany» (55).

Hevitra mazava ao an-tsain' ny mpanoratra sady mora azon' ny mpamaky no hentitra tsara : izany, hono, no filamatra amin' ny fomban-dahateny. Miankina amin' ny fahaiza-mampiasa fehezanteny sy amin' ny fanajana fitsipi-pitenenana koa izany.

(53) tak. 13.

(54) tak. 14.

(55) Jereo laharana oktobra 1931, tak. 148.

Ny toetra farany nefa tsy ny kely indrindra, tokony hananan' ny fomban-dahateny, dia ny fahatsorana ; izany hoe lahatsoratra tsy be renty na be teny miady feo. Eken-dRAJOELISOLO Charles ny hatsaran' ny rotsirotsy entin' ny rindran-teny, toy izay fandre amin' ny mpanoratra kingalahy. Raha ny fahatsorana na ny fahamboniana kosa no fenitra irina ho tratrarin' ny mpanoratra zazavao, dia «tsy ao amin' ny zavatra ivelany toy ny teny sy ny lahateny loatra no tena itoeran' ny fahamboniana : ao kely ihany fa tsy tena ao ; fa ny fahambonian' ny lahateny dia ao amin' ny zavatra lazaina indrindra sy ny fo aman-tsaina enti-milaza azy. Ary matetika ny hatsoran' ny fomban-dahateninao aza no tena hampibaribary ny hambonian' ny zavatra voalaza ao» (56).

Misongadina etoana ny toe-tsaina nasisika tao amin' ireo tsipy hevitra ireo : notarihina ny tanora handini-tena sy hamantatra ny toetran' ny manodidina ; dia izy ireny ihany no haneho izay maha izy azy ao amin' ny asa soratra iandraiketany ; ary ho hita amin' izany ny toe-po sy ny lalan-tsaina nenti-nanantontosa ireny asa ireny.

Rehefa antomorina izay nataon-dRAJOELISOLO Charles tao amin' io lahatsoratra «Tsiپی-hevitra ho an' izay te-hanoratra» io, dia hita fa mifandray akaiky amin' ny fironan-tsain' ny mpanoratra an-gazety tamin' izany vanim-potoana izany. Izay hampandrosoana ny Malagasy eo amin' ny sehatry ny haisoratra no nimasoany. Nalefany tao amin' ny *Fandrosoam-baovao* ny ampahany amin' ireny tsipy hevitra ireny (57). Tsikaritra anefa fa fomba an-kolaka namolavolana olom-banona manana izay maha izy azy sady manampiniavana hitsimbina ny mpiara-belona aminy izany. Hoy i Bolespara tamin' izany fotoana izany (58) raha namaritra ny toe-tsaina iriny hananan' ny mpanoratra izy :

« Alohan' ny handraisany ny penina sy ny taratasy ary ny
 « ranomainty, dia tokony hataon' ny mpanoratra eo ana-
 « trehan' ny masom-pieritreretany ny be sy ny maro
 « manontolo, tsy ny mpiara-belona aminy ihany, fa ny
 « taranaka ho avy koa no tokony hosaintsaininy eo (...)».

Tsy adidin' ny mpanoratra samirery anefa izany, fa an' izay rehetra mivonona hanasoa ny fireneny. Nisisika tao amin' ireny tsipy hevitra ireny izany faniriana izany, na dia tsy naseho mivantana aza.

Tsy nianona tamin' ny fitarihan-dàlana ankapobeny RAJOELISOLO Charles fa nampianatra koa ny amin' ny poezia. Hoy izy

(56) tak. 150.

(57) Jereo ny laharana 26 aogositra 1931.

(58) Jereo ny *Gaze tim-panjakana*, 24 avrily 1931, faha-1786.

indray maka hoe : «Ny poezia tsakitsaky, fa ny prozy no tena sakafo mahavelona ny literatiora» (59). Izany akory tsy midika hoe noha-maivaniny na nataony an-kilabao io karazan-dahatsoratra iray io. Niharihary taminy manko ny firohotry ny tanora mampiady rima sy miventy endri-java-boahary na fihetseham-po, nefa tsy mahababo fo na nahasingotra fanahy akory. Koa nanomboka tamin' ny volana avrily 1932, dia nampiofana ny mpamaky momba izay heveriny ho «tena poezia» indray izy, tao amin' ny *Sakaizan' ny Tanora*.

«Resadresaka momba ny poezia» (60) : manetritena loatra ny mpandahatra amin' izany lohateny tsy saha ny votoatin-kevitra izany. Isam-bolana izy dia nahavatra nanome sy nanazava santionam-poezia notsongaina tao amin' ny haisoratra ny Frantsay tamin' ny taon-jato faha-19. Araka ny fandinihany, dia «ireo no nitarika ny sain' ny poeta malagasy indrindra hanao izao ady rima manenina ny tany izao (...). Ny poeta voalohany nampiady rima teto dia nitrindra ka nahay nanavaka ny hoe *lahatsoratra miady rima* fotsiny sy tena *poezia*. Nefa tsy nahatandrina izany intsony isika aty aoriana ka ila hampifangaro azy roa ireo. Noho izany (...), ny poezia vahiny nampiditra ny ady rima no asaintsika mampiseho ny tena *poezia marina*» (61).

Ho fanatanterahana izany, dia nifantina mpanoratra vitsivitsy izy, ka notantarainy fohifohy aloha ny fiainan' izy ireny, ny sangan' asany, ny mpivaro-boky teto azo nividianana azy ireny. Dia nifidy tononkalo iray tamin' ireny sangan' asa ireny izy, ka nadikany tamin' ny teny malagasy sady nohazavainy eny anelanelany eny.

Nasaina niverina any amin' ny loharano nanovozan' ireo mpanoratra zokiny izay te hanoratra tononkalo fa tsy hianona amin' ny halan-tahaka. Ny asan' ireo mpanoratra romantika frantsay toa andry Lamartine (62) na Victor Hugo (63) na i Alfred de Vigny (64), na i Alfred de Musset (65) no nifotorany tamin' izany. Izay noken-dreny tamin' ireny dikan-teny ireny, dia izay hampihanjaka ny tena poezia ka nesorina avokoa izay ady rima na fingadon' ny teny mandrotsirotsy na manaitaitra. Efa nasehony tao amin' ny gazety *Fandrosoam-baovao* io heviny ny amin' ny poezia io raha nilaza izy hoe : «Tsipahinay ny ady rima, atosikay ny fingadona, raha... raha

(59) Jereo Ny *Sakaizan' ny Tanora*, avrily 1933, tak. 56.

(60) Jereo ihany io gazety io nanomboka tamin' ny avrily 1932.

(61) Ny *Sakaizan' ny Tanora*, mey 1932, tak. 66-67.

(62) Jereo ny laharana mey 1932.

(63) laharana jona 1932.

(64) laharana jolay 1932.

(65) laharana aogositra 1932.

izany ihany no ao anaty tononkira. Ny tena poezia notefen' ny fanahy sy noborahin' ny saina no tena sakafa» (66).

Ny taratry ny zava-boahary ao am-po na ny akon' ny feo ao anaty na ny sora-dokon' ny tontolo ao an' eritreritry ny poeta : izany no atao tsapan' ny mpamaky. Diniho kely àry ny teny nentin-dRAJOELISOLO Charles nandikana andalan-tsoratra notsongaina avy ao amin' ny «Oceano Nox» nosoratan' i Victor Hugo (67) :

« *Oh! tantsambo firy akory, kapiteny firy
No niainga falifaly handeha lalan-davitra
Kanjo levona tao anatin' io faritra manjombona io !
Firy no tsy hita, ratsy sady ory vintana,
Lasa tao anaty riaka tsy misy fara, indray alina tsy nisy volana ;
Milevina doria ao an-dranomasina tsy mangoraka.
Mpanamory firy no efa maty mbamin' ny mpivoy !
Ny rivo-doza nanendaka ny pejim-piainany rehetra,
Ka nampipariaka azy teny ambony onja, indray mitsoka
Tsy hisy hahalala izay niafarany nalentiky ny lalina.
Ny onja izay nandalo samy naka babo iray avy ;
Ny onja iray nibeda ny lakana, ny iray ny matilo (...)*».

Ekeny fa very sasaka ny fahatsaran' ny ohateny sy ny firindran' ny lahateny raketin' ny teny frantsay. Noezahiny naseho kosa ny fahaizan' ny mpanoratra nandrindra endri-javatra sy nanome aina ny tsy manana aina. Na dia tsy miady rima na mingadona aza ny andalan-tononkalo, dia tsapa ny diam-penin' ny tena poeta «izay mahay mampanidina ny sain' ny mpamaky ao amin' ny habakabaka nisidinan' ny eritreriny, ary mampipararetra ny fon' izy ireo toy izay mampihovitrovitra ny fanahiny» (68). Sady manan-karena no mahery fiasa ny teny, koa anjaran' ny poeta ny mikaroka izay mifanitsy indrindra amin' ny eritreriny mba hambaboana ny mpamaky.

Fomba fiasa niombonan-dRAJOELISOLO Charles sy Rabe-rivelo Jean-Joseph izao fandikana tononkalo vahiny amin' ny teny malagasy izao. Tamin' ny taona 1932, ary tao amin' ny gazety *Fandrosoam-baovao*, no nanaingan' izy ireo mbamin' Ny Avana Ramanantoanina, ny antso «hitady ny very» tao amin' ny poezia.

Araka ny hevitr' ireo mpanoratra ireo, dia ny fanenjehana ady rima sy fingadon' andalana fanaon' ny namany no nahavery ny tena poezia, koa «hataonay vava-basy, fa ny poezia vahiny kosa no ho entinay mitady sy mamerina azy indray» (69). Ary ho fampisehoa-

(66) Jereo ny laharana faha-5, 2 septambra 1931.

(67) Jereo *Ny Sakaizan' ny Tanora*, jona 1932, tak. 83.

(68) Jereo ihany io gazety io, laharana mey 1932, tak. 68.

(69) Jereo ny lahatsoratra «Antso : hitady ny very» tamin'ny 24 febroary 1932.

na izany indrindra, toa izay nataon-dRAJOELISOLO Charles koa, dia nilofo namoaka dikana tononkalo vahiny koa ry zareo, ohatra : ny an' i Lionello Fiumi sy Rimbaud, Rainer Maria Rilke, Verlaine, sns... Toa tiany aharihary amin' ny namany fa azo aboraka tsara ao amin' ny asa soratra izay tena ao am-po sy izay afenin' ny fanahy. Anjaran' ny tsirairay ny mandini-tena ka mikaroka izay hevitra amam-pihetseham-po hotantaraina sy mifantina izay teny amantsarin-teny hanambarana izany marina sy tsara. Tsy voatery hanaraka fitsipika na fepetra mifehy ny andalana sy ny rindram-peo toa izay fanao hatramin' izay ny poeta. Misoko mora ao amin' ireny «resadresaka» ireny ny finjavana hitarika ny namana hihaika ny rafitra ivelomana eo amin' ny sehatry ny haisoratra. Heverinay fa fomba ankolaka ihany angamba izany hamolavolana ny fisainan' ny mpiara-monina eo anivon' ny rafi-piainany andavanandro.

Fa inona marina moa no antsoin' ireo mpanoratra telo lahy ireo hoe *poezia* ? Ao amin' ny lahatsoratra iray nanambarany fa tratrany izay nokendreny ka «hita ny very» no ahitana izao famaritana izao : «(...) Nataonay fa very ny tena poezia : dia ny vetso-vetsom-po manetsika ny fo hafa, ny hiran' ny fanahy mampipararetra ny fanahy hafa» (70). Tsy tsapa firy teo amin' ny asa soratra ny finavian' ny mpanoratra hampiombona fo sy fanahy ; jembin' ny rendrarendra ivelany ny mpanoratra ka tsy mahataona firy ny mpamaky hihavana aminy. Koa raha lazaina fa very ny poezia, dia very na tapaka koa izany ny fihavanana mampiray eritreritra ny mpanoratra sy ny mpamaky. Koa ny famerenana izay fihavanana mitifaka noho ny rafitra izay no nimasoana, tsy eo amin' ny sehatry ny haisoratra ihany angamba fa eo amin' ny lafim-piaraha-monina koa.

Tarigetra tao amin' ny *Fandrosoam-baovao* rahateo koa ny fampahafantarana amin' ny mpamaky ny mpanoratra malagasy toa an-dry Rajaonah Tselatra, Dondavitra, Mandiavato, Farahalo, Tanicus, sns... Nanaovan-dRAJOELISOLO Charles fandinihana manokana ny asa soratry Ny Avana Ramanantoanina (71). Hain' ny mpikarakara ny gazety ny nampihavana ny mpamaky amin' ny lasa sy ny ankehitriny nivelomany.

*

* *

Toa inona ny vokatra naterak' ireny toro làlana ireny teo amin' ny fivoaran' ny talentan' ny mpanoratra zazavao tamin' izany fotoana izany ?

(70) Jereo *Fandrosoam-baovao*, 13 jona 1934, ny lahatsoratra Ny Avana Ramanantoanina sy Ch. Rajoelisololo ary J.-J. Rabearivelo.

(71) Jereo ny laharana 26 aogositra 1931.

Anterina etoana fa randran-tarihina amin' ny fientanana nisy teo amin' ireo olon-kendry fatra-pandala ny toe-tsaina amam-panahy malagasy tamin' izany andro izany ireny lahatsoratra nodinihina teo ireny. Saro-pantarina ny fiantraikan' izany teo amin' ny fiainan' ny mpamaky. Eo amin' ny sehatry ny haisoratra kosa anefa, dia ny bainga voavadika no vavolombelon' ny asa.

Toy ny mpampianatra manara-maso akaiky ny entimody nataon' ny mpianany no fahitana an-dRAJOELISOLO Charles tao amin' ny *Sakaizan' ny Tanora*. Nanomboka tamin' ny taona 1932 izy dia nanokana sokajin-dahatsoratra hoe «Diam-penin' ny tanora» na «Diam-penin-jazalahy» na «Diam-penin-jazavavy» isaky ny laharan-gazety. Tononkalo na sombintantara izay inoana fa vokatry ny tsipy hevitra sy ny resadresaka nataony no hita tao. Tamin' ireny rehetra ireny anefa, dia mpanoratra vehivavy roa no nahazo teny fampirisihana miharihary avy taminy ary voarakitra an-tsoratra ao amin' io gazety io izany.

Ny iray dia RAZANADRASOA izay nandrindra ny tantaran' i Josefa avy ao amin' ny Baiboly ho tononkalo (72). Isam-bolana nandritra ny roa taona (1931-1933) no navoaka nisesy izany. Miady rima ny lahatsoratra ary samihafa ny halavan' ny andalana, arakara ny hevitra na fihetseham-po nolazaina. Nohararaotin' ny tonian' ny gazety ny teny fampirisihana io vehivavy io hanantitranterany ny heviny momba ny poezia sy ny asan' ny mpanoratra. Hoy izy hoe : «(...) Olona dimy ao anatin' ny zato no tena mivehitra ny *poezia* ao anatin' ny sorany, fa ny 95 sisa mampiady rima fotsiny (...). Aza ny miara-belona izay miara-drevo amintsika no heverina, fa ny taranaka handimby antsika izay hitsara antsika (...). Tantara soratana. Diniho izao fiainana izao sy ny mponina rehetra ao aminy. Dia tantarao. Zava-dehibe sy sarotra io. Aza mikaroka izay zavatra hafahafa ao amin' ny fiainana (extraordinaire) fa izay tena anton' ny fiainana sy izay tena maha-izy azy karohina (essentiel)...» (73).

Ho fampiharana izany angamba no nanoratan-dRAZANADRASOA ilay sombintantarany hoe «Krismasy tamin' ny andron' ny fahazazana» tamin' ny laharana janoary sy febroary 1934. Taorian' izay dia tsy hita tao amin' ny *Sakaizan' ny Tanora* intsony ny diam-peniny.

Ny mpanoratra faharoa kosa dia RAVELOARIHELINTSOA Jeannette na HARINETY (74). Ny laharana volana mey 1932 no mirakitra ny tononkalony voalohany hoe «Ora-midona» izay noso-

(72) Tsy fantatray ny amin' io mpanoratra io, afa-tsy ny hoe mpampianatra izy.

(73) Jereo ny laharana avrily 1933, tak. 56.

(74) Teraka tamin' ny 1913 ary nodimandry tamin' ny 1978.

niaviny tamin' ny anarana *Ihary Elitsoa Jeannette*. Io asany io no nahatsinjovan' ny tonian' ny gazety ny talentan-tsoratra aminy ka nampirisihany azy fatratra hanao ny tsara kokoa hatrany. Dimy taona taty aoriana, tamin' ny volana mey 1937, dia indro nivoaka ny tononkalo hoe « Ry kintan' ny alina » :

*Ry kintan-kely hatsatra, toa tsy nopiazin-tory,
Ny masonao mitopy, malefaka oriory,
Mibanjina tsy miato ny lembalemba moana,
Mitevy harambato, mananika havoana ;
Ny taratrao mazava, miansitrika eny an'ony,
'Zay toa sondrian-tory an'alina efa tony ;
Izao rehetra izao manarona ny tavany,
Tsy tiany ho fantatrao, ny sombin' ny tanfarany,
Anefa Kintana ô !... ny masonao malala,
Iriko hifantoka ahy, hibanjin-tsy hiala !*

*Ny zavatra rehetra voagejan' ny mangina
Kanefa ny ahy manonja ny alom-pahoriana !
Maniry anie ity izaho, ry kintana an-dakira,
Hanatri-maso indray ireo zaza indray nihira ;
Ny saha nikaloana, komavoky ny Ela,
Ka alahelo foana no namako tavela ;
Ny morom-pantsakana firiarivanay,
Nanjary tany fady -- manjary tany hay !
Fa ravi-mihararetra no namako tomany,
'Zay henoko misento, ireo nentin-drivotra any !*

*Niombotra ato am-poko mankeny aminao
Ny hanina manongo ireo niara-nilalao !
Fa tiako ho hita manko ny lâlana nodiaviny,
Mba holalaoviko eto ny vovoka nitsahiny !
Ho lasa mantsy ianao, tsy azo atao andraso,
Kanefa anie manonja ity Onin-dranomaso !
Veloma kintana ô ! masina mbola hihaona,
Hitondra tsimok'aina, hamboly haravoana !
Raha misy fo misento, mitsinjo ny fahiny,
Sintony hiara-hijery iny mangamanga iny !
Raha trotraky ny Ela anefa ity vahiny,
Ny fasana hodiako no asaivo mba vangiany !*

Ary izao no teny nampanarahina io lahatsoratra io :

«Ity mpanoratra ity dia anankiray amin' ireo nanaraka tsara sy nianatra tamin' ilay fampianarana hoe « Tsipi-hevitra ho an' izay tehanoratra » navoakanay teto amin' ny *Sakaizan' ny Tanora*.

«Izay olona afaka hitsara ny literatiora dia milaza marina avokoa fa mananika ny tena poezia marina ity lahatsoratra ity. Hita fa tsy ny rima no novonjen' ny mpanoratra fa ny hamboraka ny vetso-

vetso-m-pony amin' ny sary tena fatratra : kintana tsy nopiazin-tory, taratra miantsitrika eny an'ony, lembalemba moana, mamboly haravoana... Faly izahay hamoaka azy harahin' ny sisa rehetra».

Araka io tononkalo notsongain-dRAJOELISOLO Charles io, dia mihamazava izao fa izay manintona azy ao amin' ny lahatso-ratra, dia ilay hery ananan' ny mpanoratra hamborahana tontolo iray amin' ny alalan' ny teny izay mirakitra hevitra sy sary sy loko sy feo ary toe-po amam-panahy. Mifamaly amin' izay toro hevitra nomeny io lahatso-ratra io ka fihetsika miraika amin' ireo mpanoratra romantika frantsay natolony no tsapa etoana. Azo lazaina fa nanomboka teo dia afa-nikopaka elatra teny amin' ny gazetimbahoaka mpiseho isan-kerinandro i Harinety. Tsy mena-milahatra amin' ny mpanoratra hafa izy tao amin' ny *Fandrosoam-baovao* sy tao amin' ny *Kintan' ny Maraina* niadidian' i Estine Rinara Soa. Na dia nihavitsy aza ny asa sorany taty aoriana, dia tsy lefin' ny fotoana kosa ny talentany tsara tefy hatrany, am-boalohany.

Maro ny mpanoratra indray nihira tamin-dry Harinety izay nandray tombon-tsoa koa, tsy tamin' ireny tsipy hevitra an-gazety ireny ihany, fa tamin' ny dinidinika mivantana tamin-dRAJOELISOLO Charles : isan' izany, ohatra, ry Rivo Romuald sy Le Myosotis (Ratsaraelina Charles), Andriamanantena Célestin, ary i Dox. Tsy nahazo teny fampirisihana ampahibemaso ireny, fa nahatsiaro kosa ny hasarobidin' ny fotoana namolavolana azy.

Singanina amin' izany ity tononkalo nataon' i DOX ho «fahatsiarovana an' Itompokolahy Ch. RAJOELISOLO ity sady fankasitrahako ny toro-làlana hitako taminy tao amin'ny asa-soratra» (75):

LASA NY LEHILAHY

*Lasa ny lehilahy
Nivoaran'ny hirako
Ary nahatafidirako
Hahay hihiratra fanahy*

*Hahatakarako amin'ny heriko
Fa hay ny hira mety ho hery
«Hitadiavana ny very»
Ka hitarika ny heveriko*

*Hampody ny an'ny firenena
Amin'ny HIRA ho harena...
Miondrika aho Andriamanitra !*

*Ianao no nahavita izao !
Raiko ô, ampitrakao
Ny malalany hiandra lanitra*

(12.6.68)

(75) Navoaka tao amin' ny *Fanasina*, faha-558 tamin' ny 27 jona 1968.

Tsy ireo mpanoratra vitsivitsy voatonona anarana ireo ihany akory no voatefin' ireny toro hevitra ireny. Raha nanainga ny mpanan-talenta handray anjara amin' ny fifaninanana «Belles Lettres Malgaches» ny gazety *Tribune* niadidian-dRabearivelo sy ny namany (76), iza moa no mahalala hoe firy ny olona nandinika ireny soratra ireny mba hanatsarana kokoa ny asany ? Tsy volo nanohandrana teo amin' ny fikatsaham-panavaozana haisoratra ireny fa tsoka namelombelona ny aina marefo. Toa efa tetika maty paika sy tsara amin' ny fiainam-pirenena ankapobeny no nataon' ireny mpanoratra nisakaiza sy nifampitaiza ireny. Sehatra iray ihany ny haisoratra, eny na dia nibaribary aza fa «toa ny handranitra fiasana hoenti-miasa sy hanampy ny mpanoratra aloha no nimasoan-dRA-JOELISOLO Charles voalohany» (77).

*
* *

Raha vao nisantatra namoaka gazetim-bahoaka ny avara-pianarana tamin' ny fotoanan' ny fanjanahantany, dia tsapany avy hatrany ny andraikitra lehibe sady mavesatra tanan' ny mpanoratra eo amin' ny fanabeazana sy famolavolana saim-bahoaka. «Ny mpanoratra boky dia mpampianatra sy mpitari-dàlana, mpampionona sy mpanafana fo (...). Ny teny vakiany tsy maintsy hahay mampirisika ny mpamaky mba haniry fihatsarana sy fiadanana. Tsy maintsy hahay mampidina aina vaovao ao anatin' izy. Aiza no hahefana izany raha tsy olona marisika sy velona ary tsara rahateo ny mpanoratra ? Ny mafana ihany no mahafana, ny mahery no mankahery, ny madio no mahadio. Ny songosongo tsy mamoa voaloboka...». Tsy niova ary tsy nivaona izany foto-pisainan-dRavelojaona (78) izany teo anivon' ny tantaran' ny haisoratra malagasy. Nahery vaika ny asan' ny teny aman-tsoratra teo amin' ny fifohazan-tsain' ny mponina. Ankehitriny dia arindra aminy koa ny sary amam-peo, nefa misy fandaharan-teny miavaka borahin' ny tena mpanoratra izay tsy hain' ny feo na ny sary rombahina.

Tao anatin' ny hetahetam-panavaozam-piainana nirongratra indray tamin' ny 1929, dia tsy izay anaovan' ny mpanoratra lahasoratra fotsiny akory no nahatery, fa izay hahatonga azy ireny ho tena olona afaka miombona sy mampiombona ny mpiara-belona

(76) Efa tamin' ny taona 1932 no natao ny antso ary azo vakina ao amin' ny *Ranovelona*, avrily 1933, tak. 1083-1084 ny vokatr' izany.

(77) Izany no namaritan-dRavoajanahary Charles ny asany tao amin' ny *Fanasina*, faha-557, 20 jona 1968.

(78) Jereo *Mpanolo-tsaina*, faha-19, jolay 1908.

amin' sy amin' ny tontolo manodidina azy. Tsy ny fahaizana mam-pihatra fitsipika na fepetra voasoritra mialoha akory no atao hoe «manoratra», fa ny fahaizana manohina ny fihetseham-pon' ny mpamaky, na mamerina na mamihina ao anatiny izany fihetseham-po tsy hain' ny fiainana andavanandro tohinina izany. Koa tsy gaga isika raha mandre ny hiakam-pifalian-dry Rabearivelo sy Ny Avana Ramanantoanina ary RAJOELISOLO Charles fa «hita ny very» teo am-pamakiana ilay tononkalon-dRajonson hoe «Nofy sa...?» (79), izay manandratra ny hasoan' ny tanindrazana.

Mpanoratra mpanampy ny mpanoratra : izany no endrika iray nisehoan' ity lehilahy ity tao amin' ireo lahatsoratra roa nodinihina ireo. Tsy nianona tamin' ny toro lâlana fotsiny anefa izy fa nanome ohatra ny tenany ka nametraka ny anjara vatony teo amin' ny fam-pijoroana ny haisoratra malagasy (80).

Mandravaka gazety maro ny tononkalo sy ny sombin-tantarany. Izany no nahatonga azy ho voafidy ho isan' ny mpikambana tao amin' ny Akademia Malagasy nanomboka tamin' ny taona 1958 (81). Na dia voasakan' ny rafi-pampianarana teto tsy ho hitany aza ny tantaran' ny fireneny sy ny haren-tsaina amam-panahy nifandovana, dia nahaliana azy ny nikaroka sy nampahafantatra izany tamin' ny mpiara-belona taminy (82). Nanavanana azy ny teny frantsay (83) kanefa nofikiriny mafy dia mafy ny teny malagasy ary «nitatra nanjary nasionalisma izany fahasaro-piarony ny teny malagasy izany, ka novolavolainy ho Malagasy ara-tsaina izay rehetra nifampikasokasoka taminy, indrindra ny ankohonany» (84).

Zava-maroko nifarimbona tao amin' ny fiainan-dRAJOELISOLO Charles ka nananany finiavana hihevitra ny hafa : tao ny fianakaviana kristianina avara-pianarana sady manan-talenta amin'

(79) *Jereo Fandrosoam-baovao*, 13 jona 1934.

(80) *Jereo*. ohatra, ilay tantara mitohy «Sodifafana» tao amin' ny *Fandrosoam-baovao*, 26 aogositra 1931.

(81) Fredy Rajaofera sy Rajonah Gabriel ary Ralaimihotra Edouard no nanolotra azy ho ao amin' io fikambanana io.

(82) Ao amin' ny «Archives nationales» dia misy ny antontan-taratasy F.134 mirakitra ny asam-pitsikilovana nampanaoavin' ny fanjakana frantsay momba ny mpitandrina sy ny misionera protestanta. Ao amin' ny tatitra tamin' ny 18 janoary 1939, dia voalaza fa nitoriteny tao amin' ny fiangonana Faravohitra Rajoelisololo Charles ka nivaky tamin' ny mpiangona fa efa nodinihiny avokoa ny amin' ny komonisma sy ny sosialisma ary ny sendikalisma ary nifandefa taratasy taman' olona tany Eoropa mihitsy izy hahafantarany bebe kokoa ny amin' ireo.

(83) Izy sy Chapus no nanoratra ilay tantara «Aubes imériniennes» tao amin' ny gazety *Le Madecasse*, novambra 1936 - janoary 1937.

(84) *Jereo Fanasina* faha-558, 27 jona 1968, tak. 2.

ny soratra ; tao ny fomba fanabeazan' ny Sekoly Ambohijatovo Atsimo nianarany sy nampianarany ; tao ny fiarahany tamin' ny namana nitovitovy fomba fijery zavatra taminy ; tao ny fifaneraserany tamin' ny vahoaka mpiara-monina teo amin' ny asam-pivelomana niadidiany ; ary tao koa ny fahalianany hamantatra ny zava-nitranga teto sy tany amin' ny firenen-kafa. Tsy hita hosoritana toy ny ketsa ny fiasan' ny zava-manodidina eo amin' ny fiainan' ny olombelona. Lehilahy tia fihavanana sy fivoarana lalandava ity mpanoratra ity : tsy sarotra taminy ny nanakatra izay niaina tao am-po sy nibahana tao an-tsaina ary nampangetaheta ny fanahin' ny mpiray tanindrazana taminy.

RAJOHARY no anarana nentiny teo amin' ny haisoratra : nahatarika olona maro ho mpanoratra koa izy.

(Jolay 1978)